# NY TENA MPINO SY NY MITONON-TENA HO MPINO

Hatramin'ny nanokanan'Andriamanitra vahoaka ho Azy, ireo olona anisan'izany vahoaka izany dia nangirifiry mafy noho ny fisiana teo anivon'izy ireo, olona nitonona ho isan'io vahoaka io ihany koa, nefa tsy izy akory. Hitohy izany toe-javatra izany, mandra-pahatonga "*ny Zanak'olona haniraka ny anjeliny, ary ireny dia hanangona ka hamoaka amin'ny fanjakany ny zavatra mahatafintohina rehetra mbamin'izay manao meloka, dia hanipy azy any amin'ny fandoroana lehibe mirehitra afo izy ; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify*" (Matio 13. 41-42).

Imbetsaka ny Soratra Masina no manambara mazava amintsika io fifangaroana voam-bary sy tsimparifary io, izany hoe ny fisian'olona mitonon-tena fotsiny ho mpino, eo anivon'ireo tena mpino.

"*Ary nanao fanoharana hafa koa taminy Izy, ka nanao hoe : Ny fanjakan'ny lanitra dia tahaka ny lehilahy anankiray izay namafy voa tsara tany an-tanimbariny ; fa raha natory ny olona, dia avy ny fahavalony ka namafy voan-tsimparifary teny amin'ny vary, dia lasa nandeha. Ary rehefa naniry ny vary ka niteraka, dia niposaka koa ny tsimparifary.*

*Dia avy ny mpanompon-dralehilahy, ka nanao taminy hoe : Tompoko, tsy voa tsara va no nafafinao tany an-tanimbarinao ? koa avy taiza kosa ny tsimparifary ? Dia hoy izy taminy : Fahavalo no nanao izany. Ary ny mpanompony nanao taminy hoe : Koa tianao va ny handehananay hanongotra sy hanangona azy ? Fa hoy izy : Tsia, fandrao, raha manongotra ny tsimparifary ianareo, dia hongotanareo miaraka aminy koa ny vary. Aoka ihany hiara-maniry izy roroa, ambara-piavin'ny fararano ; ary amin'ny fararano dia holazaiko amin'ny mpijinja hoe : Angony aloha ny tsimparifary, ka ataovy amboarany mba hodorana ; fa ny vary dia taomy ho any an-tsompitro...*

*Ary namaly Izy ka nanao hoe : Ny mpamafy ny voa tsara dia ny Zanak'olona ; ny tanimbary dia izao tontolo izao ; ny voa tsara dia ny zanaky ny fanjakana ; ny tsimparifary dia ny zanak'ilay ratsy ; ny fahavalo izay namafy izany dia ny devoly ; ny fararano dia ny fahataperan'izao tontolo izao ; ary ny mpijinja dia anjely. Koa tahaka ny anangonana ny tsimparifary sy andoroana azy amin'ny afo, dia toy izany no hatao, amin'ny fahataperan'izao tontolo izao*" (Matio 13. 24-30, 37-40).

"*Dia niainga tao Ramesesa ny Zanak'Israely ka nankany Sokota, dia lehilahy mahalia làlana tokony ho enina hetsy, afa-tsy ny zaza amim-behivavy. Ary nisy olona maro samihafa firenena koa niara-niakatra taminy, ary ondry aman'osy sy omby, dia fananana be indrindra*" (Eksodosy 12. 37-38). "*Ary ny olona hafa firenena izay niharo taminy dia liana, ary ny Zanak'Israely koa dia nitomany indray hoe : Enga anie ka hisy hanome hena hohaninay !*" (Nomery 11. 4).

"*Fa nisy mpaminany sandoka teo amin'ny olona Israely, ary hisy koa mpampianatra sandoka tahaka izany eo aminareo, izay hahatonga mangingina sain-diso mahavery ary handà ny Tompo, Izay nividy azy aza, ka hahatonga fahaverezana tampoka ho amin'ny tenany. Ary maro no hanaraka ny fijejojejoany ; ka ireny no hitenenan-dratsy ny làlan'ny fahamarinana. Ary amin'ny hafatratry ny fitiavany harena no hanaovany varotra anareo amin'ny teny mamitaka*" (2 Petera 2. 1-3).

"*Fa Apostoly sandoka izy ireny, mpiasa mamitaka, ka dia mampiova ny endriny ho tahaka ny Apostolin'i Kristy. Ary tsy mahagaga izany, fa Satana aza mampiova ny endriny ho tahaka ny anjelin'ny mazava. Koa tsy dia zavatra lehibe tsy akory, raha ny mpanompony koa no mba mampiova ny endriny ho tahaka ny mpanompon'ny fahamarinana ; nefa ny farany ho araka ny asany ihany*" (2 Korintiana 11. 13-15).

"*... dia noho ny rahalahy sandoka nampidirina misokosoko, izay niditra mangingina hisafo ny fahafahantsika, izay ananantsika ao amin'i Kristy Jesosy, mba hanandevozany antsika*" (Galatiana 2. 4).

Diso ireo izay mandalina ny Baiboly, matetika nampihatra tamin'ny tena zanak'Andriamanitra ny fampitandremana sy fampirisihana natokana ho an'ireo mamita-tena, na ho an'ireo mpihatsaravelatsihy.

Tsy ho vita, raha mamaky maimaika fotsiny ny Baiboly, ny hitanisa ireo andininy rehetra manavaka ny tena kristiana amin'ny sarambabem-bahoaka mitonon-tena ho izany, nefa mpanaraka fombafomba fotsiny. Matetika izy ireo dia

mpihatsaravelatsihy, na mpanara-dalàna diso lalana, ary miezaka hahazo ny famonjena amin'ny alalan'ny asa soa ataony, fa tsy mandray ny famonjena ho fanomezana maimaimpoana, ka avy eo vao miezaka manao ireo asa tsara apetrak'Andriamanitra eo anoloany. "*Fa fahasoavana no namonjena anareo, amin'ny finoana ; ary tsy avy aminareo izany, fa fanomezana avy amin'Andriamanitra ; tsy avy amin'ny asa, fandrao hisy hirehareha. Fa asany isika, voaforona tao amin'i Kristy Jesosy mba hanao asa tsara, izay namboarin'Andriamanitra rahateo mba handehanantsika eo aminy*" (Efesiana 2. 8-10).

Ireto andininy manaraka ireto nefa dia hanampy hanavahana azy ireo.

## 1. Ny tena mpino dia voavonjy, ny mitonon-tena ho mpino dia very

Mba handalinana izany, dia ampitahao ny andininy mahakasika ireo toetra roa ireo :

| Tena mpino | Ireo izay mihambo ho mpino |
|---|---|
| "Hoy Izy *(Jesosy)* tamin-dravehivavy : Ny finoanao efa namonjy anao ; mandehana soa aman-tsara" (Lioka 7. 50). | "Simona koa, mba nino ; ary rehefa natao batisa izy, dia nanaraka an'i Filipo... Fa hoy Petera taminy : ... Tsy manana anjara na raharaha amin'izany zavatra izany ianao, satria tsy mahitsy fo eo anatrehan'Andriamanitra" (Asan'ny Apostoly 8. 13-21). |
| "Izy ireo naharitra tamin'ny fampianaran'ny Apostoly sy ny fiombonana sy ny famakìna ny mofo ary ny fivavahana" (Asan'ny Apostoly 2. 42). | "Avy tamintsika ihany no niala ireo, nefa tsy mba namantsika izy ; fa raha tàhiny namantsika izy, dia ho nitoetra tamintsika ihany ; fa efa niala izy, mba haseho fa tsy isantsika izy rehetra" (1 Jaona 2. 19). |
| "Ny ondriko mihaino ny feoko, ary Izaho mahalala azy, ary izy manaraka Ahy, ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay, ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tanako. Ny Raiko, Izay nanome Ahy, dia lehibe noho izy rehetra ; ary tsy misy mahay mandrombaka amin'ny tanan'ny Ray" (Jaona 10. 27-29).<br><br>"Izay rehetra omen'ny Raiko Ahy no hanatona Ahy ; ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy" (Jaona 6. 37).<br><br>"Izao no sitrapon'Izay naniraka Ahy, dia ny tsy hamelako hisy very izay rehetra nomeny Ahy, fa hatsangako indray amin'ny andro farany izy" (Jaona 6. 39). | "Misy ny sasany aminareo izay tsy mino. Fa fantatr'i Jesoa hatramin'ny voalohany izay tsy nino sy izay hamadika Azy. Ary hoy Izy : Izany no nilazako taminareo fa tsy misy olona mahay manatona Ahy, raha tsy nomen'ny Ray azy izany. Hatramin'izany dia maro tamin'ny mpianany no nihemotra ka tsy niara-nandeha taminy intsony" (Jaona 6. 64-66). |
| "Raha mbola lasa nividy izy, dia tonga ny mpampakatra, ary izay efa niomana dia niara-niditra taminy tao amin'ny fampakarambady, ary dia narindrina ny varavarana" (Matio 25. 10). | "Rehefa afaka izany, dia tonga kosa ireo virijina teo, ka nanao hoe : Tompoko, tompoko, vohay izahay. Fa izy namaly hoe : Lazaiko aminareo marina tokoa : Tsy fantatro ianareo" (Matio 25. 11-12). |
| "Ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra, amin'ny finoana an'i Jesoa Kristy,* ho an'izay rehetra mino" (Romana 3. 22).<br>* Ampio hoe : (ho an'ny olona rehetra sy) | "Tahaka izany koa ianareo : raha amin'ny eo ivelany, dia miseho amin'ny olona ho marina, nefa ny ao anatinareo dia feno fihatsarambelatsihy sy tsy fankatoavan-dalàna. Ry bibilava, taranaky ny menarana, hataonareo ahoana no fandositra ny fanamelohana ho any amin'ny helo ?" (Matio 23. 28, 33). |
| "Aoka isika hifaly sy ho ravoravo ka hanome voninahitra Azy ; fa tonga ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry, ka efa niomana ny vadiny. Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy ; fa izany rongony fotsy madinika izany dia ny asa marina ataon'ny | "Nony efa niditra ny mpanjaka, hizaha ny mpihinana, dia nahita lehilahy anankiray izay tsy niakanjo ny akanjo fitondra amin'ny fampakarambady. Dia hoy izy taminy : Ry sakaiza, ahoana no idiranao eto, nefa ianao tsy miakanjo ny akanjo fitondra amin'ny fampakarambady ? Dia sina |

| | |
|---|---|
| olona masina” (Apokalypsy 19. 7-8). | izy. Ary dia hoy ny mpanjaka tamin’ny mpanompony : Afatory ny tongony aman-tànany, dia ario any amin’ny maizina any ivelany izy ; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify” (Matio 22. 11-13). |
| “Izaho no Mpiandry Tsara ; ary fantatro ny Ahy, sady fantany Aho” (Jaona 10. 14).<br><br>“Ny fanorenana mafy nataon’Andriamanitra dia miorina tsara sady manana izao tombo-kase izao : ‘Ny Tompo mahalala ny azy’ ” (2 Timoty 2. 19). | “Maro ny hanao amiko, amin’izany andro izany, hoe : Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin’ny anaranao va izahay ? ary tsy efa namoaka demonia tamin’ny anaranao va izahay ? ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin’ny anaranao va izahay ? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe : Tsy mba fantatro akory ianareo, hatrizay hatrizay ; mialà amiko, ianareo mpanao meloka” (Matio 7. 22-23). |
| “Lazaiko aminareo marina dia marina tokoa : Izay mino [*Ahy*] no manana fiainana mandrakizay” (Jaona 6. 47). | “Inona moa no soa azo, ry rahalahiko, raha misy milaza fa manam-pinoana izy, nefa tsy manana asa ? Ny finoana va mahavonjy azy ?” (Jakoba 2. 14). |
| “Ray ô, tiako mba ho any amiko amin’izay itoerako ireo izay nomenao Ahy, mba hahita ny voninahitro nomenao Ahy izy ; fa efa tia Ahy Ianao, fony mbola tsy ary ny fanorenan’izao tontolo izao” (Jaona 17. 24).<br><br>“Matoky indrindra aho, fa Izay nanomboka asa tsara tao anatinareo no hahatanteraka izany, mandra-piavin’ny andron’i Jesoa Kristy” (Filipiana 1. 6). | “Izay efa nohazavaina indray mandeha sady efa nanandrana ny fanomezana avy any an-danitra sy efa nandray ny Fanahy Masina ary efa nanandrana ny teny tsaran’Andriamanitra sy ny herin’ny fiainana ho avy, nefa nihemotra, dia tsy azo havaozina indray ho amin’ny fibebahana” (Hebreo 6. 4-6). (*) |
| “Isika, tsy mba naman’izay mihemotra ho amin’ny fahaverezana, fa naman’izay mino ho amin’ny famonjena ny fanahy” (Hebreo 10. 39). | “ ’Ny oloko marina dia ho velon’ny finoana ; fa raha mihemotra izy, dia tsy sitraky ny fanahiko’ ” (Hebreo 10. 38). |

(*) Io andininy io, mihoatra noho ny andininy hafa rehetra ao amin’ny Baiboly, angamba, dia navadika ho fanamelohana ny zanak’Andriamanitra, nefa dia tsy misy ifandraisana mihitsy izy ireo sy ireo “mpitsapatsapa”. Io tsongandahatsoratra io dia milaza hoe hatraiza no azo aleha, raha toa mitonona ho kristiana, nefa tsy manolotra tanteraka ny fiainany ho an’i Kristy, satria izany no hany fomba tena fiovàna fo. Ny andininy faha-9 amin’io Hebreo 6 io dia tokony hiaro ny tena mpino amin’izany fanadisoana ny teny izany, satria mametraka mazava fa ny “zavatra” miaraka amin’ny famonjena dia “tsara” kokoa noho ireo fanandrankandramana ireo.

## 2. Ny mpino dia omena valisoa
## — Ireo izay mihambo fotsiny ho mpino, koa tsy manana ny ain’Andriamanitra, dia helohina

Ampitahao   Matio 25. 19-23 sy Matio 25. 24-30   —   Lioka 12. 42-44 sy Lioka 12. 45-47.

| | |
|---|---|
| “19 Ary nony ela, dia tonga ny tompon’ireo mpanompo ireo ka nampilaza azy ny amin’ny volany. 20 Ary nony nanatona ilay nandray ny talenta dimy, dia nitondra talenta dimy koa izy ka nanao hoe : Tompoko, talenta dimy no natolotrao ahy ; indro, nahazo tombony talenta dimy koa aho. 21 Hoy ny tompony taminy : Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky ; nahatoky tamin’ny kely ianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be ; midira amin’ny fifalian’ny tomponao. 22 Ary nony nanatona koa ilay *nandray* ny talenta roa, dia hoy izy : Tompoko, talenta roa no natolotrao ahy ; indro, nahazo tombony talenta roa koa aho. 23 Hoy ny tompony taminy : Tsara izany, ry mpanompo tsara sady mahatoky ; nahatoky tamin’ny kely ianao, dia hotendreko ho mpanapaka ny be ; midira | “24 Fa nony nanatona kosa ilay nandray ny talenta iray, dia nilaza hoe : Tompoko, fantatro fa olona mila voatsiary ianao, mijinja eny amin’izay tsy namafazanao, ary manangona eny amin’izay tsy nanahafanao ; 25 dia natahotra aho ka lasa nandevina ny talentanao tao anatin’ny tany ; indry, lasanao ny anao. 26 Ary ny tompony namaly ka nanao taminy hoe : Ry mpanompo ratsy sady malaina, efa fantatrao fa mijinja eny amin’izay tsy namafazako aho, ary manangona eny amin’izay tsy nanahafako ; 27 koa tokony ho nampanàna ny volako tamin’ny mpanàna vola ianao, ka raha tonga aho, dia ho nandray ny ahy mban-janany. 28 Koa alao aminy ny talenta, dia omeo ilay manana ny talenta folo. 29 Fa izay rehetra manana dia homena, ka hanam-be izy ; fa izay tsy manana |

| | |
|---|---|
| amin'ny fifalian'ny tomponao" (Matio 25. 19-23). | kosa, na dia izay ananany aza dia halaina aminy. [30] Ary ario ho any amin'ny maizina any ivelany ny mpanompo tsy mahasoa ; any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify" (Matio 25. 24-30). |
| "[42] Ary hoy ny Tompo : Iza moa no mpitandrin-draharaha mahatoky sy manan-tsaina, izay hotendren'ny tompony hifehy ny mpanompony mba hanome azy anjara hanina amin'ny fotoana ? [43] Sambatra ny mpanompo izay ho hitan'ny tompony fa, indreo, manao toy izany, raha avy izy. [44] Lazaiko aminareo marina fa hotendreny ho mpanapaka ny fananany rehetra izy" (Lioka 12. 42-44). | "[45] Fa raha manao anakampo kosa izany mpanompo izany hoe : Maharitra ela ny tompoko vao ho avy, ka dia mikapoka ny ankizilahy sy ny ankizivavy izy sady mihinana sy misotro ka mamo, [46] dia ho avy ny tompon'izany mpanompo izany, amin'ny andro izay tsy ampoiziny sy amin'ny ora izay tsy fantany, dia hotapahiny roa izy ka homeny anjara any amin'ny tsy mahatoky. [47] Fa ilay mpanompo izay mahalala ny sitrapon'ny tompony ihany, ka tsy miomana na manao izay sitraky ny fony, dia hokapohina be" (Lioka 12. 45-47). |

Sarotsarotra ihany ny tsongandahatsoratra sasany, nefa azo antoka fa ho tonga ny fahazavana raha mivavaka sy mandinika tsara izay tena lazain'ny Soratra Masina, ary miambina tsara sy am-pahamalinana, mba tsy hampiasa andininy manahirankirana na maizimaizina hoenti-manohitra andininy mazava tsara sy tsy isalasalana. Aza mampiasa ny "*raha"*, hanoherana ny "marina tokoa", na ny Hebreo 6. 6, hanoherana ny Jaona 5. 24.

Ny momba an'i Jodasy Iskariota sy Petera, dia tsy tokony hisy olana. Jodasy dia tsy nino mihitsy, hatrizay hatrizay (jereo Jaona 6. 68-71) ; Petera kosa dia tsy nitsahatra ny nino (Lioka 22. 31-32).

Farany, tokony hotsarovana mandrakariva fa ireo foto-kevitra ireo dia mamakivaky ny Baiboly manontolo. Tokony hitarika antsika izy ireo hahatakarana ny tena dikan'ny zavatra ampianarin'ny Tenin'Andriamanitra antsika ankehitriny, sy ny sehatra hampiharana izany, mandritra ny fiforonan'ny Eglizy sy ny fiandrasana ny fiverenan'i Kristy.

Ny fiainan'ny mpino, ny fitiavany mivavaka, ary ny fanantenany dia miankina amin'ny fampianarana marina azy izay ambaran'Andriamanitra antsika. Ny Baiboly irery no mirakitra ny tena fahalalana momba :

— ny toetrako, araka ny maha taranak'i Adama ahy,
— ny maha izaho ahy ao amin'i Kristy,
— ny andrasan'ny Tompo momba ny andraikitro eto an-tany,
— ny asa anirahana ahy etỳ an-tany,
— ny toetran'izao tontolo izao sy ny fomba tokony hiainako ao.

Tokony holazaina ihany ve fa tsy ampy ny mahafantatra tsara ny Tenin'Andriamanitra, raha te hizara marina azy io isika, sy te hampianatra azy araka izay marina ? "*Ry Teofilo, ilay boky voalohany dia nosoratako ny amin'izay NATAOn'i Jesosy sy nampianariny*" (Asan'ny Apostoly 1. 1) ; aoka isika haka tahaka ny Tompo.

Ity asasoratra ity dia nalaina avy tamin'ireo lohahevitra lehibe —nofintinin'i JCK— ao amin'ny bokin'i C. I. Scofield mitondra ny lohateny hoe : "Mizara marina ny Tenin'ny fahamarinana (Dispensant correctement la Parole de la vérité)".